

TORITENY - Alahady 07 Febroary TSOTRA FAHA 5 - TAONA D



Aza matahotra fa hatramin'izao dia hanarato olona ianao''.

Ry Kristianina havana, raha tamin'ny 02 febroary teo isika nibanjina ny nanolorana ny Tompo tao an-tempoly, nandinika ihany koa ny fiainana voatokana ary nandinika fa isika koa zary fahazavana tahaka an'i Kristy.

Natolotra tao an-tempoly i Jesoa dia manambara fa eo anivontsika tokoa ilay zanak'Andriamanitra manilo ny fiainantsika, izy no fahazavan'izao tontolo izao ary izay labozia nasehontsika, nanaovantsika procession niditra tao amin'ny Eglizy dia manambara fa isika ihany koa no zary fahazavana eo amin'izao tontolo izao.

Amin'izao Alahady faha-dimy mandavantaona izao ary dia miantso atsika Andriamanitra eo

Vakiteny I : Iz. 6, 1-2a. 3-8

Tononkira : Sal. 137

Vakiteny II : 1 Kôr. 15, 1-11

Evanjely : Lk. 5, 1-11

anivon'ny fiainantsika. Enontsika ao amin'ny Evanjely ny fomba niantson'i Jesoa an'ireo Apôstôly, mpanarato izy ireo, ary tao anaty fahasahiranana aza. Niasa izy ireo nandritra ny alina ary tao anatin'ny fanaratoana izay nefa tsy namokatra. Izay tokoa ry Kristianina havana, raha tsy miaraka amin'i Kristy isika, aza

mieritreritra fa hamokatra. Izay no mahatonga ahy milaza amintsika matetika fa indrindra amin'izao taona famindrampo izao hoe : aoka ho fantarintsika fa ny finoana tsy tany malemy hanorenam-pangady fa tany lonaka ho entina hampamokatra ny fiainantsika, izay ny finoana. Araka ny enontsika tamin'ny Evanjely fa teo anivon'ny fiainana, teo anivon'ny fahasahiranana ireo apôstôly, ry Simona mpanarato, tsy namokatra ny fiainany, ka raha

tonga i Jesoa nandray azy izy ireo ary naniraka azy ireo i Jesoa. Tsy hoe nandeha ho azy izay fa nisalasala aza i Piera, hoy indrindra izy : "noho ny teninao dia alatsako ny harato".

Arakaraka ny handraisantsika ny tenin'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika ary izay ny mahatonga atsika milaza aoka isika hanana baiboly, tsy atao haingontrano fa ampiasain'ny fianakaviana. Aoka ny fianakaviana hamaky sy handinika ny tenin'Andriamanitra, hiaraka hivavaka amin'ny tenin'Andriamanitra. Noho ny teninao hoy Piera dia alatsako ny harato. Izay tokoa ry Kristianina havana, noho ny hafatr'Andriamanitra amintsika dia aoka hiroso isika, handray an-tànana bebe kokoa ny finoantsika, ny fiainan'ny Eglizintsika amin'izao taona masina izao sy anatin'ny faha-60 taonan'ny diosezintsika izao no andraisantsika an-tànana ny diosezy, hankato ny tenin'i Jesoa isika ka hiroso amin'ny lalindalina.

Inona tokoa ny vokany ?

Raha nandatsaka ny haratony i Piera dia namokatra tokoa ary saika ho rovitra aza ny harato, niroso amin'ny lalindalina izy ireo, nahazo hazandrano, nahazo trondro maro dia maro izy ireo. Aoka isika koa hiroso ary mbola nitohy satria niantso an'ireo manodidina izy ireo satria be ny vokatra.

Fantaro ary fa tsy isika irery no higoka an'izay vokatry ny vaovao mahafaly, ny hafalian'ny vaovao mahafaly fa ireo manodidina atsika rehetra. Izay no hafatra amintsika amin'izao Alahady faha-dimy aorian'ny 02 febroary : **hiroso lalindalina isika handatsaka ny haratontsika, ho latsapaka tokoa anie amin'izao faha-60 taonan'ny diosezintsika izao ny finoantsika ka hahay ampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro isika ka hamokatra ny fiainantsika ary indrindra araka ny hafatry ny Evanjely dia hirahina isika na dia tsy mendrika aza, tahaka an'i Piera niankohoka izy nahita ny fahasoavana.**

Zay koa hitantsika amin'ny fampianarana ny rantsa-tànana dimy :

mahafofy isika izany hoe mandray ny

tenin'Andriamanitra ary manana fahasahiana hiroso

kanefa fantaro fa tsy maintsy anatin'ny fanetren-

tena. Niankohoka i Piera nilaza tamin'i Jesoa hoe "

mialà amiko fa mpanota aho". Tsy ny

fahamandrehantsika tokoa no maha-Kristianina atsika

fa noho ny fahasoavan'Andriamanitra, fa hoy

indrindra Jesoa tamin'i Piera sy ireo niaraka taminy

"AZA MATAHOTRA", izay koa no lazain'i Jesoa

amintsika : aza matahotra fa manomboka izao dia

hanarato olona ianao. Miantso atsika i Jesoa, tsy hoe

ho atsika samirery ny fiantson'Andriamanitra, tsy

fiantsoana mikombona ny antson'Andriamanitra araka ny nambaratsika tamin'ny 02

febroary fa ho fahazavan'izao tontolo izao, ho mpanarato olona izany hoe tsy hamatotra

olona ao anatin'ny harato fa hanafaka ny olona hitondra vaovao mahafaly ary dia izay no

ambaran'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa (1 Kôr. 15, 1-11)



ny Evanjely no mahatonga azy ho apôstôly ary dia ny Evanjely no tsy maintsy torintsika, izany hoe ny hafalian'ny vaovao mahafaly. Izay ihany koa no iantsoana ny mpaminany araka ny voalaza ao amin'ny vakiteny voalohany (Iz. 6, 1-2a. 3-8) izay manambara ny "vocation" n'izaia mpaminany, isika rehetra dia manana an'izay vocation izay, ny batemintsika no maniraka atsika hiroso lalindalina kokoa handatsaka ny haratontsika ka aoka ary izao taona masina izao ry Kristianina havana hananantsika fahasahiana, hiroso amin'ny lalindalina, hanaiky ny tenin'Andriamanitra, handatsaka ny haratom-pinoantsika isika ka amin'izay dia hamokatra ny fiainantsika hitory ny vaovao mahafaly tahaka an'i Piera sy tahaka an'i Paoly eo anivon'izao tontolo izao, ho fanasina sy fahazavana isika ka vonona hahafoy ny zava-drehetra mety mamatopatotra atsika fa ho afaka ao anatin'ny fiadanan'i Kristy isika.

Ry Jesoa zokinay ô, miantso anay tokoa ianao ary maniraka anay eo anivon'izao tontolo izao, fantatrao ny fiainanay tsirairay avy. Tahaka an'i Piera izahay, mahatsiaro ho mpanota izahay, ampio ary izahay, fantatrao ny fahalemenay, tantano izahay ary ampianaro mandrakariva izahay. AMPIO MBA TSY HATAHOTRA FA HATOKY NY FAHASOAVANAO KA HAHATONGA ANAY HO APÔSTÔLINAOKA, HO MISIONERANAO, HO MISIONERAN'NY FAMINDRAMPO IZAHAY TSAIKY MADINIKY JIABY, HO MISIONERAN'NY FITIAVANA NY FIANAKAVIANA TSIRAIRAY, HO MISIONERAN'NY FANOMPOANA NY VOATOKANA TSIRAIRAY AVY ARY IZAHAY REHETRA HO APÔSTÔLIN'NY FAMINDRAMPONAO EO ANIVON'NY FIAINANAY ANDAVANANDRO. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson

HIRA FANIRAHANA

(Iz. 43, 1-4)

Mandehàna ianao lavidavitra kokoa

Fa miandry anao Aho;

Na mahatsapa aza ianao, fa efa tonga

Mandrosoa ihany lalindalina kokoa

1- Izaho no Tompo Andriamanitra, 'lay Mpamonjy anao

Sarobidy ange ianao, eo imasoko

Ka aza matahotra fa tiako ianao

2- Matokisa ianao e, f'izaho ihany ity

Izaho no Mpanjakanao e, 'lay Mpandresy

Ka aza matahotra fa tiako ianao

3- Tamin'ny anaranao e, no niantsoako anao

Manaraha ahy ianao e, hitahy anao Aho

Ka aza matahotra fa tiako ianao

4- Na mandalo aza ianao e, heniheny be

Homba anao hatrany aho e, mba tsy ho rendrika

Ka aza matahotra fa tiako ianao

5- Na mandalo aza ianao e, afo mivaivay

Tsy handroro anao akory, ny lelafo be

Ka aza matahotra fa tiako ianao